



**An-kavia miankavanana : Mpitandrina Lala Rasendrahasina (Filoha Fjkm), Pastora Dr Rakoto Modeste Endor (Filoha Flm), Monsenera Ranarivelo Samoel Jaona (Filoha Eem), Monsenera Odon Marie Arsène Razanakolona (Filoha Ekar). Tsy eo amin'ny sary kosa ny Mpitandrina mpanolotsaina Rakotoarivony Hubert (Fjkm)**



FIOMBONAN'NY FIANGONANA KRISTIANINA ETO MADAGASIKARA - FFKM
*Conseil Chrétien des Eglises à Madagascar - Christian Council of Churches in Madagascar*
NY KOMITY FOIBE
*Le Comité Central - The Central Committee*

Vohipiraisana Ambohijatovo
BP 798 Antananarivo 101
Tél : 26 234 33
e-mail : ffkmfoibe@gmail.com
Madagascar

CCP N°208.73
BNI-CL Analakely
01 59558 7 020 0 00
Antananarivo 101
Madagascar

HAFATRA PENTEKOSTA HO AN'NY KRISTIANA SY NY VAHOAKA MALAGASY

"Fa Ilay Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, izay hirahin'ny Ray noho ny anarako, no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra nolazaiko taminareo" (Jôhany 14:26)

Ry havana,

Ho aminareo anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andrimanitra Ray , Zanaka ary Fanahy Masina.

Miarahaba antsika rehetra tratry ny Pentekosta 2014, izay vanim-potoana hahatsiarovana ny nahatongavan'ny Fanahy masina tamin'ireo mpianatra very fanahy nilaozan'ny Tompony. Ny Pentekosta dia mitondra hafatra sy fahamarinana vitsivitsy izay tsara ho tsiahivintsika amin'izao vanim-potoana izao:

*tsy mandao antsika Andrimanitra ka nisafidy ny hitoetra ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahiny.
*mahalala ny sentom-pontsika Andrimanitra ka mampionona antsika amin'ny alalan'ny Fanahiny
*mandrisika antsika hiaina ny fahamarinan'ny tenin'Andrimanitra ny Fanahiny mba haha-fanasina sy fahazavana antsika hatrany.
*manangana antsika avy amin'izay mety ho endriky ny fahafatesana rehetra ny Fanahy Masina.

Noho ireo fahamarinana entin'ny Pentekosta ireo no anaovanay Filoham-piangonana efatra mirahalahy izao hafatra izao:

Miombona alahelo amin'ireo mpiray tanindrazana any amin'ny faritra samihafa eto amin'ny Nosy ny FFKM, noho ireo aina nafoy marobe noho ny hetraketraky ny ratsy fanahy izay manao tsinontsinona ny aina. Na inona na inona mety ho antony mahatonga ny fifamonoanana any, na koa ireo halatra miaro herisetra sy vonoan'olona izay toa miha-mahazo vahana , na an-tanan-dehibe na any ambanivohitra; ny FFKM dia mampahatsiaro ny mpiray tanindrazana manontolo ny maha-ambony indrindra ny olombelona mihoatra noho ny zava-drehetra. Avy amin'Andriamanitra ny aina ka tsy maintsy hajaina araka izany" (Jeremia 2:13). Ny tsy fanekena izany no mahatonga ny fiaraha-monina hilona ao anatin'ny endri-pahafatesana maro.

Io famonoana ny hafa io dia mety miseho amin'ny endriny maro samihafa amin'ny alalan'ny lainga, ny fanodinkodinana ny marina ka mahatonga ny olona ho faty ara-panahy ( I Tes 5:19). Ireny no fositra mikiky tsikelikely ny fiaraha-monina ka mamparefo azy.
Ny fitiavan-karena mihoa-pampana ihany koa dia sady mamono ny tena no mamono ny hafa., mampikipy sy mampihirim-belona eo anoloan'ny fahantran'ny sarambabem-bahoaka.

Mitrotro am-bavaka ny fitondrana mahefa ny FFKM mba hiainantsika amin'ny toe-panahy araka an'Andrimanitra sy ny fahamaotinana rehetra" (1Tim 2:2). Manamafy hatrany ny FFKM fa ny fihavanan'ny olona amin'Andriamanitra ihany no mitondra fihavanana marina eo amin'ny olona samy olona ( 2Kor 5:21) . Koa dia vaindohan-draharahany hatrany ny fampihavanam- pirenena araka ireo asa efa notanterahany izay mifototra amin'ny Fieken-keloka, Fifamelana, Fahamarinana, izay lalana mitondra ho amin'ny tena Fihavanana. (4F).

Ny asan'ny Fanahy Masina izay tsarovantsika izao anie hampiaiky ny tsirairay ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana ( Jôhany 16:8) ka hitarika ny vahoaka Malagasy hisokatra amin'ny Fanahin'aina ( Rom 8:2) mba handresentsika izao kolotsaim-pahafatesana sy herisetra ary tsi-fahamarinana izay toa miha-mahazo vahana izao.

*Antananarivo faha , 05 jona 2014.*

Amin'ny anaran'ny Filoham-piangonana efatra mirahalahy.

Mgr RANARIVELO Samoela Jaona
Filoha EEM

Atoa Lala Haja RASENDRAHASINA Mpitandrina
Filoha FJKM

Atoa Rakotoarivony Hubert
Mpitandrina

Pastora Dr Rakoto Endor MODESTE
Filoha FLM

Mgr Odon Marie Arsene RAZANAKOLONA
Filoha EKAR

**www.madagate.com**